Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Mamoaza voa miendrika ny fibebahana Lio 3.8

Mitarika : Pst Solohery Raobinarison

Jaona 2.12-20

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, amen !

Fiarahabàna :

Hira 191 and 2 sy 3

Vavaka 0 :.

Vakiteny 1 Jaona 2.12

12 Rehefa afaka izany, dia nidina nankany Kapernaomy Jesosy mbamin' ny reniny sy ny rahalahiny ary ny mpianany; nefa tsy nitoetra ela teo Izy.

Fanazavana 1

Hivavaka isika, hisaotra an'Andriamanitra, noho ny fahasoavana mihoam-pampana nomeny antsika tao amin'ny Zanany. Ny finoana sy ny fanantenana mifamatotra amin'izany.

Hira <u>443, and.1</u> ; mivavaka ny ao an-tokantrano, mivavaka ny mpitandrina. (vavaka 1)

Vakiteny 2. Jaona 2.13-15

13 Ary efa akaiky ny Pasky ny Jiosy, ka dia niakatra tany Jerosalema Jesosy.14 Ary hitany teo an-kianjan' ny tempoly ny nivarotra omby sy ondry sy voromailala ary ny mpanakalo vola izay nipetraka teo;15 dia nanao kotopia kofehy Izy ka nandroaka azy rehetra hiala teo an-kianjan' ny tempoly, na ny ondry na ny omby, ary nararany ny volan' ny mpanakalo vola, sady nazerany ny latabatra;

Fanazavana 2

Hivavaka isika hifona, handray ny zavatra rehetra ho miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra. Mba hisy fibebahana marina, mba tsy ivesaran'ny zavatra hafa ny fo fa mba ho fo atolotra feno ho an'Andriamanitra.

<u>Hira 443, and.2</u>. Mivavaka ny ao an-tokantrano, mivavaka ny mpitandrina. (vavaka 2)

Vakiteny 3. Jaona 2.16-17

16 dia hoy Izy tamin' ny nivarotra ny voromailala: Ento mivoaka ireto zavatra ireto; aza atao trano fivarotana ny tranon' ny Raiko.17 Ary ny mpianany nahatsiaro fa voasoratra hoe: Ny firehetako ny amin' ny tranonao no haharitra aina ahy.

Fanazavana 3

Hivavaka isika ny mba ho tia ny teniny. Mba hovolavolain'izany Teny izany. Mba ho ny teniny no manolo-tsaina antsika fa tsy ny sain'izao tontolo izao.

Hira 443, and.3. Mivavaka ny ao an-tokantrano, mivavaka ny mpitandrina. (vavakav3)

Vakiteny 4. Jaona 2.18-20

18 Fa namaly ny Jiosy ka nanao taminy hoe: Inona no famantarana asehonao aminay, no manao izao zavatra izao Hianao?19 Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Ravao ity tempoly ity, ary amin' ny hateloana dia hatsangako indray izy.20 Fa hoy ny Jiosy: Enina amby efa-polo taona izay no efa nanaovana ity tempoly ity, ka Hianao va hahatsangana azy amin' ny hateloana?

Fanazavana 4

Hivavaka isika ho an'izao tontolo izao izay tian'Andriamanitra ; ho an'ny marary, ho an'ny sahirana, ho an'ny ory, ho an'ny mpitondra, ho an'ny ny mpitsabo.

Hiraintsika ny hira faha 443, and.4. Mivavaka ny ao an-tokantrano, mivavaka ny mpitandrina, (vavaka 4 + « Rainay izay any an-danitra »)

Famaranana

Hira 441 and 5 sy 6

Tsodrano

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo
Hampamirapiratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo
Hanandratra ny tavany aminareoa anie ny Tompo ka hanome anareo fiadanana.

VONINAHITRA HO AN'ANDRIAMANITRA RAY SY ZANAKA ARY FANAHY MASINA IZAY HATRAMIN'NY TALOHA INDRINDRA KA HO MANDRAKIZAY.AMENA.
MANDEHANA AMIN'NY FIADANANA, KA MANOMPOA NY TOMPO !